Ambohitsirohitra, faha-16 jona 1975

KABARY FAMPISEHOANA IREO MAMBRA AO AMIN'NY FKT SY IREO MAMBRA AO AMIN'NY GOVERNEMANTA
- NANDRAISANA HO FANANAM-PIRENENA NY BANKY, ASSURANCES ARY CINEMA -

Miarahaba anareo aho Tompokolahy sy Tompokovavy. Hisy dinidinika ambany tafotrano amorom-patana hifanaovantsika rehetra avy eo, fa alohan'izany aloha dia mamelà ahy hianareo hanolotra ireto mambra ao amin'ny Komity fara-tampony momba ny Fivoarana.

- Andriamatoa Lieutenant Colonel MAMPILA
- Andriamatoa Lieutenant Colonel Joël RAKOTOMALALA
- Commandant PATUREAU
- Commandant RAKOTOARIJAONA
- Commandant RAMPANANA
- Capitaine JAOTOMBO
- Capitaine RANDRIANTANANY
- Capitaine MARISON MAX

ARCHIVES

Ireto indray ny anaran'ny Ministra ao amin'ny Governemanta vaovao :

- Docteur RANDRANTO, Minisitry ny Asa
- Andriamatoa RAHATOKA Salomon, Minisitry ny Asa Vaventy
- Andriamatoa RAJAOZANDRY, Minisitry ny Tanora
- Andriamatoa RARIVOSON Justin, Minisitry ny Toe-karena
- Andriamatoa RAZAKABOANA, Minisitry ny Planina sy ny Vola
- Andriamatoa RAKOTONIAINA Justin, Minisitry ny Fampianarana
- Andriamatoa RAJONAH Pierre, Minisitry ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra
- Docteur Rémi TIANDRAZA, Minisitry ny Raharaham-bahiny
- Docteur SERAPHIN, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka
- Andriamatoa AMPY PORTOS, Minisitry ny Fitsarana
- Andriamatoa BEMANANJARA Jean, Minisitry ny Fitanterana sy ny Famatsiana
- Andriamatoa LAHA GASTON, Minisitry ny Filazam-baovao

Araka ny efa fantatrareo moa, dia misy Komity entin'ny Miaramila. Momba ny Fampandrosoana, dia ny Général ANDRIAMAHAZO no Filohany araka ny efa fantatrareo omaly.

Ny Président TOAZARA moa dia efa fantatrareo rahateo fa amin'ny Andrim-panjakana Tampony.

Ary ny Président FETY Michel, dia efa fantatrareo rahateo, Filohan'ny FIPIEFA.

Ny Governemanta vaovao dia misy an'ireto rahalahy, izany hoe : sivy izahay, miaraka amiko, ao amin'ny Komity Fara-tampony momba ny Fivoarana

.../...

pirenena. Ireo mambra ireo dia miandraikitra Minisitera maromaro, sady mandrindra na mijery ny fandehan-javatra miara-miasa amin'ireo Minisitra.

Ary matoa ny "DECENTRALISATION" moa no efa anisan'ny zavatra imasoan'ny Governemanta vaovao, araka ny fanapahan-kevitra lany tao amin'ny Directoire, dia mbola hisy manampy an'ireo Governora Miaramila, fanendrena olona samihafa ao aoriana.

Ry Malagasy mpiray Tanindrazana,

Misy fanontaniana angamba mety mipetraka milaza hoe : iza moa Didier RATSIRAKA ? Ary ahoana moa io Officier de Marine io no lasa ataontsika hoe : "Révolutionnaire" ?.

Ataoko fa ny zava-drehetra dia tsy tongatonga foana fa misy rano nipoirany. Tamin'ny 1955 ny tenako no voatery tsy maintsy nandrato fianarana tany Andafy. Tamin'izany fotoana izany dia nanala baccalauréat, nanao mathématique supérieure, mathématique spéciale, ary saika hiditra tao amin'ny Ecole navale, kanefa moa tsy citoyen frantsay ny tena tamin'izany fotoana izany fa mizaka ny zo malagasy dia tsy nahazo niditra tamin'ny Ecole navale. Taty aoriana kosa anefa, nony nahazo fahaleovantena i Madagasikara, dia nahazo niditra tany amin'ny Ecole navale ny tenako mba ho anisan'ny manam-boninahitra voalohany ao amin'ny Tafika an-dranomasina. Tamin'ny 1955, hoy aho, no nahatongavako tany Frantsa voalohany. Taoriana kelin'izay dia nisy ny fanafihana an'i Ejipta, dia nisy ny nationalisation ny Canal de Suez. Hitanareo amin'izany fa tamin'ny voalohany mihitsy dia efa nisy zavatra betsaka hita tany Frantsa ary anisan'ny nahatonga ny tenako hisaintsaina mafy momba ny zava-miseho eran'izao tontolo izao, taoriana kely ny ady tany Indochine tamin'ny Dien-Bien-Phu io. Taoriana kelin'izay indray, dia tonga ny adin'ny Aljeriana, 1er novambra 1954 angaha iny raha tsy diso aho. Ny mpianatra moa mpianatra ihany, dia niara-tolona tamin'ireo namana mba hanampy ny tolom-pahafahana, tolom-piavotana ataon' ny Aljeriana tamin'izany fotoana izany. Taty aoriana indray nony tonga tao amin'ny Ecole navale ny tenako, dia nahita ny fandehan-javatra tany Algérie izany hoe : ny ady nataon'ny OAS izany : ilay fanonganam-panjakana novolavolain-dry zareo, kanefa tsy tafita. Tonga taty amin'ny Ecole de Guerre, Attaché Militaire ny tenako tamin'izany fotoana izany, dia nanara-maso akaiky ny fanafihana nataon'ny Portugais an'i Guinée. Izany zavatra izany dia hita fa mety hamolavola ny sain'ny mpianatra, dia ny tenako izany.

Tamin'ilay sambo fianarana atao hoe : "JEANNE D'ARC", dia tonga tany Vietnam izahay, tany Saïgon taoriana kely ny zera baomba nataon'ny mpitia tanindrazana tamin'ny Palais-n'Itompokolahy Diem. Dia hitako sy tsapako tamin'izany fotoana izany koa fa mafy ny adin'ny Vietnamianina manohitra ny Imperialisma.

Tamin'ny 1968, dia nitondra ny sambo Mailaka izahay avy any Cherbourg ka nankaty Madagasikara, dia nahita an'i Afrika Atsimo, nahita an'i Mozambique, Lourenço Marques, izay mbola zanatany Portugais tamin' izany fotoana izany, fa ho afaka moa izy ato ho ato.

.../...

Ny tiako ambara amin'izany tsy hoe : tiako ny mitantara fotsiny ny fiainako, fa milaza tsotra fa hoe : matoa misy izao zavatra tonga izao sy natao dia tsy tongatonga foana fa misy loharano nipoirany. Manodidina an'i Madagasikara izahay amin'ny sambo, na Mailaka izany na Fanantenana na Tanamasoandro, dia mahatsapa ny fahorian'ny vahoaka malagasy : mahita ny tany, toerana tsy mahita Dokotera ao anatin'ny herin-taona, voatery tsy maintsy mizara nivaquine na mizara antibiotiques. Izany zavatra izany dia azoko atao koa fa hoe : manazava ny fomba fihetsiky ny mpanomponareo. Ka nony izao mba tafita, afaka nandranto fianarana tany Andafy, tafita ny tena, dia ataoko fa rariny sy hitsiny raha ohatra ka mikarakara ny vahoaka satria noho ireo vahoaka ireo ihany no nahatonga ahy amin'izao fari-paha-izana, amin'izao toerana misy ny tenako izao. Izany indrindra no nahatonga ahy raha vao tonga tao amin'ny Governemanta ny Jeneraly RAMANANTSOA, na-nome soso-kevitra maromaro momba ny fifandraisana amin'ny any ivelany, satria Minisitry ny Raharaham-bahiny ny tenako tamin'izany fotoana izany. Neken'ny Jeneraly RAMANANTSOA daholo moa ny soso-kevitra ary nifankahazo tsara ny hevitray mianaka tamin'izany fotoana izany, dia ny fifandonana amin'ny Impérialisme, satria io ihany no rangory fototry ny afo amin'ny ady an-trano sasantsasany, amin'ny fanagejana ny toe-karen'i Madagasikara sy ny zanatany rehetra.

Avy ao amin'ny Colonialisme isika dia tonga indray ny fanjanahan-tany amin'ny endrika vaovao. Izany no nahatonga anay hoe : tsy maintsy atao izay ahafahana amin'ity tady mangeja an'i Madagasikara ity. Misy mi-laza hoe : tsy tia vazaha aho na tsy tia vahiny. Tsy izany velively fa fitiavan-tanindrazana izany, satria izany no nampianarina anay tany amin' ny Ecole navale, hiady ho an'ny tanindrazana, hiaro ny tanindrazana, izany no nampianarina anay. Izany no nahatonga ireny fanapahan-kevitra sasan-tsasany ireny, ohatra ny fialana tao amin'ny OCAM, ny fiverenana ao amin' ny OUA, fidirana ao amin'ny fikambanan'ny firenena tsy momba ny atsy tsy momba ny aroa, fanampiana ireny atao hoe : "Mouvement de Libération" na ny tafika amin'ny tolom-pahafahana momba ny any Afrika izany, Guinée Bissao, Mozambique, Angola, Zimbabwe, Namibie, na any Asie izany : Vietnam, Cam-bodge, na any Amérique Latine izany : Chili, Cuba, dia manampy an'ireny isika araka izay azo atao, satria ny tolona, tolona iray ihany.

Satria moa ny vola no andry hiankinan'ny toe-karem-pirenena, dia izany no nahatonga ny fanapahan-kevitra tamin'ny fanavaozana ireny dina nifanaovana tamin'i Frantsa tamin'ny 1960 ireny hoe : tokony miala amin'izay amin'ny faribola franc na zone franc. Mbola asiako teny kely ny momba an'iny rehefa eo. Misy fitenenana mantsy tato ato fa hoe : hi-verina amin'ny zone franc hono isika, nefa tsoriko dieny izao fa tsy misy velively izany, satria ny revolisiona tsy miverina ilàlana.

Ny Tafika vahiny moa dia andry hiankinan'ny toe-karem-bahiny io, ary izany indrindra no mahatonga anay hilaza hoe : tsy maintsy esorina teto ny Tafika vahiny sy ny toeram-pamaharan'ny vahiny, satria loza ma-nanontanona ny Firenena io. Misy milaza fa hoe : ity politique d'ouver-ture tout azimuts ity moa inona ? mba zava-bokatra nentin'iza io teto amin'ny Firenena ? Inona no fiatraikan'izy io amin'ny Fokonolona sy amin' ny fiainan'ny vahoaka ? Inona no vokany ? Sarotra ihany ny miteny ny zava-bitan'ny tena, kanefa mba hahafantaran'ny vahoaka fa hoe izao no fandehan-

.../...

javatra, dia ataoko fa mety ihany angamba ny hilaza fa eo amin'ny 21 milliards eo ho eo no azontsika tany ivelany tao anatin'ny 30 volana, izaho tsy milaza fa hoe : ny Minisitra RATSIRAKA no nahazo izany rehetra izany fa ny Governemantan-dRAMANANTSOA, 21 milliards no azo anatin'ny 30 volana. Ny fampiasana an'izany eto an-toerana kosa dia andraikitry ny Minisitera teknika samihafa.

Inona ny vokatry ny fivoahana tamin'ny zone franc, hoe mampahory ny firenena fotsiny ny Minisitra RATSIRAKA tamin'izany fotoana izany. Eto dia tsoriko mazava, satria efa tany Moramanga aho no nilaza an'io : ny fivoahana tamin'ny zone franc anie hoy aho ka ho an'ny Tantsaha no nanaovana an'izany io. Ny antony dia izao : izahay moa dia nivelona tany Diego-Suarez nandritry ny fito taona, isan-taona dia milahatra amin'ny vary, izany hoe : ny renivohitra na ny tanàna sasantsasany angaha tsy mba nilahatra vary firy tamin'izany fotoana izany, fa izahay isan-taona dia nilahatra vary. Kanefa tsy dia tena tsapan'ny vahoaka rehetra izy io, satria afaka nanafatra vary avy any ivelany isika tamin'izany fotoana izany nobo ilay "Compte d'Opération" tao amin'ny zone franc izany hoe na ho volan'ny Gabonais izany na ho volan'ny Camerounais na ny volan'ny Malagasy no nianteka deviso hividianana an'io vary io. Nony niala tamin'ny zone franc kosa isika, dia voatery tsy maintsy mitsitsy ilay tahirim-bola vahiny eo am-pelatànantsika, satria raha mividy vary be dia be dia mivoaka be ilay vola vahiny. Ny fanafodiny dia mamokatra bebe kokoa. Ahoana moa no hamokarana bebe kokoa ? Tsy maintsy amporisihina ny Tantsaha mba hamokatra bebe kokoa ; mba amporisihina ny Tantsaha hamokatra bebe kokoa, dia tsy maintsy asondrotra ny vidin'ny vary avy any amin'ny mpamokatra Tantsaha. Manina fa raha misondrotra aza ny vidin'ny vary avy any amin'ny Tantsaha, mbola misy ihany ny manararaotra ary midangana koa moa ny vidin'ny fiainana rehetra, dia mety hoe : tsy mahita tombontsoa firy angaha izy amin'izany, kanefa izany zavatra izany ataoko fa mankina amin'ny hoe : "Structure ny Economie" mihitsy izany zavatra izany fa tsy hoe ilay fialana tamin'ny zone franc na ilay fampiakarana ny vidin'ny vokatra avy any amin'ny Tantsaha no ratsy ; ataoko fa raiiny sy hitsiny raha ny mpamokatra Tantsaha mba mahazo tombotsoa bebe kokoa amin'ny zavatra vokatra ho an'ny Firenena. Mindrana vola isika avy any ivelany 21 milliards hoy aho, iraika amby roapolo milliards, iza moa no mahazo tombontsoa amin'izany ? Ny mahazo tombontsoa amin'izany dia isika ety amin'ny tanàn-dehibe matetika ny Tantsaha tsy dia mahazo an'io loatra. Nefa iza no mamerina io vola io, asan'iza no hamerenantsika an'io vola io ? Avy amin'ny asan'iza ; avy amin'ny asan'ny Tantsaha, avy amin'ny asan'ny mpamokatra. Izany dia efa anisan'ny tsy fitovian-tsaranga mikasika ny tanàn-dehibe sy ny any Ambanivohitra. Ka hoy aho hoe : izy ity, raha misy izany atao hoe : "Tribalisme" amin'izao fotoana izao izany, tsy dia tena hoe : ady amin'ny tsy fitoviam-bolon-koditra angaha izy izany fa ady amin'ny tsy fitovian-tsaranga ; raha mitovy saranga ny Malagasy ataoko fa tsy hiady ; ny Tantsaha any Ankadivoribe anganba ataoko tsy hiady amin'ny Tantsaha any Ampanihy na Tantsaha any Antsakoabe na any Marolambo, satria mitovy saranga izy ireo. Izay no nabatonga anay hilaza hoe : tsy misy làlana hivoaran'ity firenena ity tanteraka raha tsy mahazo tombontsoa ny daholobe, izany hoe : ny vahoaka maro an'isa. Ny politika azo arahina hanatanterahana an'izany dia tsy misy afa-tsy ny sosialisma ; ka hoy izahay hoe : tao amin'ny Directoire : Ity Revolisiona na fivoarana tanteraka na tolom-piavotana ataontsika ity dia hiankina indrindra amin'ny sosialisma, ary ny Fokonolona sy ny Tafika sy ny Vahoaka no hiankinan'izany politika izany.

.../...

Noho izany, ny Fokonolona no andry hiankinan'io, ny Tafika no andry hiankinan'io, dia tsy maintsy ho hatsaraintsika, ho atevenintsika ny Fokonolona sy ny Tafika, ary ny vahoaka manontolo.

MOMBA NY FOKONOLONA

Marina fa miresaka momba ny "Démocratie" isika. Marina fa miresaka momba ny fahalalahana isika, fa araka ny fiheverako, toa ohatry ny "Démocratie" na fahafahana ataontsika hoe : "Bourgeoisie" angaha no hilazana azy amin'ny teny baiko, satria raha raisintsika olona 5 te-ho lany amin'ny fifidianana angaha, mpitondra posy ny anankiray, Tantsaha ny anankiray, mpiasa ny anankiray, pharmacien ny anankiray, agrégé de médecine angaha no hilazantsika azy, ny anankiray ; malalaka ny fahafahana, iza no ho lany ? Araka ny fiheveranareo ? Ataoko fa tsy ilay mpitondra posy no lany amin'izao fotoana izao ; izay tsy fitovian-tsaranga tsy maintsy sorohintsika. Raha ohatra mivelona amin'ilay "Idéologie socialiste" isika, ka manaiky an'io "Idéologie socialiste" io ilay olona, manan-karena, ambony, manam-pahaizana, tsy mampaninona velively raha izy no lany, satria ao anatin'ny Fokonolona amin'izao fotoana izao dia misy ny tsy fitovian-tsaranga, tsy azo lavina izany. Izay olona mahay ihany, na ny olona manan-karena ihany no tsy maintsy ho lany amin'izao fotoana izao. Izay no hilazako hoe : mila fanatsarana angamba, fanatevenana angaha io Fokonolona io, kanefa ny Fokonolona tsy maintsy tanterahintsika.

MOMBA NY TAFIKA INDRAY

Ny nahatonga anay hanangana an'ity Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana ity dia izao : ny Tafika révolutionnaire dia tsy atao hitana basy fotsiny fa tsy maintsy hiasa ho an'ny Firenena, hiara-hiasa, hanao soroka miara-milanja, na tongotra miara-mamindra amin'ny Fokonolona, amin' ny vahoaka, ka tsy maintsy misy fanamboarana momba an'io, mba hireharehan' ny tafika, mba hireharehan'ny vahoaka, hireharehan'ny Fokonolona. Noho izany, araka ny nolazaiko teo, ny "Structure ny Economie" na ny toe-karentsika mihitsy angaha no tsy maintsy amboarina. Ka raha ohatra hanamboatra an'izany isika dia tsy maintsy kasihina daholo ny lafiny rehetra rehetra : na momba ny fampianarana izany, na momba ny toe-karena, na momba ny ara-dosialy izany, etsetra, etsetra.... Efa nolazaiko teo ny momba ny Fokonolona, efa nolazaiko teo ny momba ny Tafika.

MOMBA NY FAMPIANARANA

Dia hita mazava tsara fa ny Université-ntsika io dia tsy ho ampy amin'ny taona ho avy ; raha ohatra ka ny mpianatra rehetra avy any amin'ny Provinces hiakatra eto Antananarivo daholo, angamba ataoko fa tsy ho ampy io ; io no mahatonga ny sasany hangataka hoe : "Décentralisation", ka ataoko fa zavatra tena ilaina mihitsy izany raha jerena amin'ny saina tsy miangatra ka tsy maintsy ataontsika, araka izay herintsika, araka izay azo atao no anaovana an'io "Décentralisation" io haingana dia haingana. Ny fampianarana dia tsy maintsy hijery indrindra ny fanabeazana, ary ny fampianarana na ny Université izany na amin'ny ambaratonga voalohany, na ny ambaratonga faharoa, dia tsy maintsy hijery izay tena soa ho an'ny Firenena fa tsy hoe : hanefitefy olona fotsiny hanana "Diplômes" nefa tsy hahita asa avy eo. Ary izany dia mikasika indrindra ny atao hoe : "Planina" na fandaharan'asa ; ka hisy rafitra vaovao, drafitra vaovao maty paika ho karakaraina momba an'izany mba hanatanterahina izany "Décentralisation"

.../...

izany, hanatanterahana haingana ny atao hoe : "Démocratisation" na famahoana angaha no azo hilazana azy, araka izay azo ilazana azy, araka izay azo atao, satria moa sarotra ny manao fanabosiam-bahoaka na manao rononо an-tavy hoe : tsy maintsy ho vita, izao dia izao io, fa tsy maintsy atao miandalana ihany araka izay fotoana sy fananana sy vola eo am-pela-tànantsika.i

MOMBA NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

Momba ny fahasalamam-bahoaka dia marina fa misy araka ny efa nolazaiko teo toerana tsy mahita dokotera, toerana tsy misy fanafody ; izany rehetra izany angamba ataoko fa miankina indrindra koa amin'ny atao hoe : "Décentralisation", na "Décentralisation" ny fampianarana izany na "Décentralisation" ny fitaovana rehetra izany.

NY MIKASIKA NY ASA VAVENTY

Sahala amin'izany ihany koa, ny mikasika nyara-sosialy, etsetra, etsetra..., mikasika an'io rehetra rehetra io, dia zavatra iray ihany no rangory fototry ny afo, dia ny "Structure économique"-ntsika. Ary izany indrindra no nahatonga anay haminavina hoe : tsy maintsy havaozina ny Tafika, mba hahatongavantsika, ohatra hoe : hisy Tafika angaha, Tafika ho entim-bahoaka izany, hanampy an'ireo Fokonolona ireo, amin'izany fotoana izany dia angamba azontsika atao no miantso ny mpianatra, izay efa nahavita fianarana alohan'ny hiasa dia mba azontsika antsoina ao amin'izany Tafika izany, mba hanome angamba ataoko hoe : herin-taona na herin-taona sy tapany ho an'ny vahoaka, mba hiasana ho an'ny vahoaka, any amin'ny Province, any amin'ny Fokontany, any amin'ny Firaisam-pokontany, etsetra, etsetra....

Nefa izany rehetra izany tsy vita moramora foana fa tsy maintsy mila fitaovana, mila risi-po, mila fahavononana. Ny antony hilazako an'izany dia izao : ho voarebireby foana isika amin'ity fampisaratsarahana, fisaraham-bazana ity, raha ohatra ka tsy mailo tsara. Mbola hiverenako kely ihany ilay didim-pitsarana nivoaka : nisy fihetsham-pon'ny sasantsasany amin'izy iny, araka ny efa nolazaiko fa hoe : "fitsaran'olombelona" anie izy iny ; kanefa mino aho fa ny marina na dia fisaka aza dia marina ihany Andriamanitra mbola eo, ny fanjakana koa mbola eo, ataoko fa tsy maintsy ho hitantsika ny marina momba an'iny vonoan'olona iny, satria zava-dehibe izany mamono Filoham-pirenena, Filohana Governemanta izany. Tsy maintsy mbola ho hitantsika izany na ho ela na ho haingana. Ny angatahiko fotsiny dia mba hiroso isika amin'ny fahavononana, amin'ny risi-po amin'ity fivoarana ngezabe miandry antsika ity : "Tolona" no anarany, izany tolona izany anie zava-dehibe fa tsy vitavita ho azy ohatry ny hoe : manao karatra angaha na manao trofo, zava-ngezabe izany, tsy vitavita foana izany fa tsy maintsy mila fandava-tena. Noho izany dia nanapa-kevitra izahay tao amin' ny Filan-kevitra Fara-Tampony izany na tao amin'ny Governemanta fa tsy maintsy misy zavatra ngezabe tsy maintsy ho raisina mba hanatanterahana an'izany Revolisiona izany, satria na inona na inona no atao raha tsy misy ny fitaovana, dia tsy ho lasa na oviana na oviana ity Firenena ity ; hanangana Fokonolona isika hanangana fokontany isika, hanangana Vatoeka isika, hanangana entreprise isika, hanangana usine, hanao sekoly, hanao hopitaly, tsy vita izany raha tsy misy vola ; hivarotra isika, hividy entana, tsy vita izany raha tsy misy vola ; aiza anefa io vola io ? Iza no mitana izany vola izany ? Mbola ny vahiny amin'izao fotoana izao. Ka hoy izahay hoe : ny zavatra voalohany tsy maintsy ho raisintsika ho fananam-panjakana, dia tsy maintsy ny "BANKY".

MANOMBOKA ANDROANY "DIA HO RAISIN'NY FANJAKANA TANTERAKA NY BANKY" !

Raha misy moa fitadiavana onitra ka marim-pototra ny fitadiavany dia mbola azo jerena izany aoriana.

Aiza koa no misy ny vola ? Isika Malagasy dia samy mandoa fiantohana daholo, na "Assurances" izany ; nefa izany zavatra izany, ny vola azo amin'izany dia mivoaka any ivelany fotsiny ; volantsika io ; dia manomboka androany dia ho raisintsika ny "Assurances", na fiantohana, ho fananampanjakana.

Ary satria ny fanabeazana, ny fikolokoloana ara-tsaina, dia zavadehibe, ary satria moa ny tanora no andry hiankinan'ny firenena aoriana, tsy maintsy ho tazaina tsara mba tsy ho azon'ny olona atao fiasana fotsiny hanakorontanana atsy, anakorontanana aroa, dia tsy maintsy karakaraina manokana ireo tanora ireo, ary andraikitry ny Minisitry ny Fampianarana izany, kanefa misy kosa zavatra azo atao dieny izao dia ny momba ny Cinéma na sary mihetsika. Ataoko fa adidy lehibe ho an'ny Fanjakana ny mandray an'izany mivantana, izany hoe : ny fanafarana "films" izany, fanaparitahana ny "films" izany, dia tsy maintsy ho raisin'ny Fanjakana manomboka rahampitso !.

Tsy hanao fanadisoam-baheaka aho hoy aho, na hanao ronono an-tavy ka hilaza hoe : "nationaliser-ntsika" daholo ny zavatra rehetra rehetra rahampitso, tsy vita izany, tsy maintsy atao miandalana daholo ny zavatra rehetra. Ny zavatra azo atao dia lazaina hoe : izao no azo atao ; ny zavatra tsy azo atao dieny izao fa mety azo atao miandalana, azo hifanarahana amin'ny an-kilany sy ny an-daniny, izany mbola azo dinihina ao amin'ny manaraka, ataontsika miandalana, fa ny tiako ho lazaina fotsiny dia izao : MILA NY MALAGASY REHETRA HANAO SOROKA MIARA-MILANJA, TONGOTRA MIARA-MAMINDRA, ARY NA IREO VAHINY AZA KA METY MANARAKA NY LALANTSIKA DIA AZONTSIKA ATAO ANIE NY MIARA-MIASA AMINY E ! Ny tsy tantintsika fotsiny dia ny hoe : hitsabahana amin'ny raharaha toe-karenam-pirenena, amin'ny raharaham-pirenena, satria ny Malagasy mivelona any ivelany dia tsy mba misy mihitsy mitsabaka amin'ny raharaha toe-karen'ny sasany.

Izay no izy, tsy misy zavatra ambarako mihoatra an'izay angamba momba an'ity Governemanta ity, mbola ho tonga ihany ny "Programme" angaha na fandaharan'asa raikitra, satria tsy vitan'olon-drery izany fa tsy maintsy hiarahana amin'ireto Minisitra, tsy maintsy harahana amin'ireto mambra ato amin'ny Filan-kevitra Fara-Tampony, fa ny tiako ambara fotsiny hamaranako ny fitenenana dia ny Colonel MAMPILA moa fantatrareo fa Komandin'ny Zandarimaria nasionaly izy teo aloha, lasa Minisitry ny Ati-tany izy izao, ka dia ny Lieutenant Colonel MIJORO no misolo azy, Komandin'ny Zandarimaria nasionaly.

Misaotra Tompokolahy !
Misaotra Tompokovavy !